FAMETRAHANA NY EVEKA TOMPON-TOERANA

# Ho fety be any Mahajanga mandritra ny 4 andro

Hapetraka amin'ny fomba ofisialy, sy hamasinina amin' ny faran'ity herinandro ity ny Eveka vaovao tompon-toerana any amin'ny diosezin'i Mahajanga, Mgr Zygmunt Robaszkiewicz. Arak'izany, ho fety be any amin'ny Diosezin'i Mahajanga mandritra ny 4 andro, hanomboka ny alakamisy ho avy izao. Evekan'i Diosezin'i Morondava izy teo aloha, fa notendren'ny Papa Ray Masina ho Evekan'ny Diosezin'ny renivohitr'i Boeny indray manomboka izao. Ny alakamisy 9 febroary izao dia efa hanomboka ny hetsika rehetra amin'izao lanonana ara-pinoana izao. Ny alakamisy io, hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro manoloana ny Lapan'ny Tanànan'i Mahajanga: fanentanana lehibe miaraka amin'ny antoko mpihira rehetra. Amin'ny 4 ora, fitsenana manetriketrika ny Eveka vaovao any Ampariamahitsy. Amin'ny 5 ora, fandraisana ny Eveka vaovao ao amin'ny Katedraly Mahajanga, harahana fitsaohana ny Sakramenta Masina. Ny zoma 10 febroary amin'ny 1 ora sy sasany tolakandro, fitsenana amin'ny fomba miavaka ny Nonce Apostolika any amin'ny seranam-piaramanidina Amborovy. Amin'ny 7 ora hariva, fitsenana manetriketrika ireo Eveka rehetra eto Madagasikara, ao amin'ny Katedraly. Ny sabotsy 11 febroary, amin'ny 7 ora hariva, alim-bavaka harahana fijoroana vavolombelona, sy antsam-panahy lehibe ao amin'ny Katedraly. Ny alahady 12 febroary, amin'ny 8 ora maraina ao amin'ny Katedraly, Sorona Masina lehibe hametrahana amin' ny fiketrahana maha-Evekan'ny Diosezin'i Mahajanga azy, Mgr Zygmunt Robaszkiewicz. Teny filamatr'izao fety ara-pinoana eo amin'ny EKAR, na ny Eglizy Katolika Apostolika Romana any an-drenivohitr'i Boeny izao dia ny teny ao amin'ny Evanjely Masina: Md Joany 17-17: "ankamasino amin'ny fahamarinana izahay, ny Teninao no fahamarinana."



*Ny Eveka vaovaon'i Mahajanga, Mgr Zygmunt Robaszkiewicz.*

***Aly***

Raharaha Rolly Mercia

# Miteny ny zanany vavy, i Nofimalala

Hiakatra fitsarana anio 7 febroary indray ny raharaha Rolly Mercia na Harry Laurent Rahajason, sy ny mpandraharaha Mamy Ravatomanga. Marihina fa efa tokony hivoaka ny fonja ny ministra teo aloha Rolly Mercia, sady mpanao gazety, satria anisan'ny nahazo fampihenantsazy tamin'ny filoha Rajoelina izy ny faran'ny taona teo. Mbola any am-ponja hatrany anefa izy, noho ny antsojay ataon'ny fitondrana sy ireo mpanara-dia azy, indrindra ny ataon'ny mpandraharaha Mamy Ravatomanga. Mahakasika ity raharaha ity, niteny ny zanaka vavin'i Rolly Mercia dia i Nofimalala:

"Efa voazavan'i Bodo moa ny détails judiciaires an'ity afera ity. Fa mba te hizara ny resaka fahasalamana an'ilay raiko fotsiny aho. Mbola ianareo no nanontany ny hoe ahoana izany fahasalamany izany ka dia zaraiko fohifohy eto. Mora ny mitantara moa fa ny niaina azy dia tena sarotra. Sarotra ny mijery an'izany atao hoe ray niteraka anao izany mi-dépérir chaque jour un peu plus. Bref. Rehefa nanome ireny fanalefahan-tsazy ireny ny filoha Andry Rajoelina, dia nangataka izahay taratasy ofisialy manambara ireo fanalefahan-tsazy azon'i Rolly Mercia. Voarakitra ao anatin'io taratasy io fa ny 16 novambra 2022 izy no mivoaka ny fonja. Avy eo moa dia hoe 16 janoary indray.

Andro vitsivitsy talohan'io 16 novambra io anefa dia narary mafy izy. 4 andro izy tsy nahasakafo ary 2 andro tsy tafiditra intsony ihany koa ny rano. Nikoropaka ny dokotera tao amin'ny fonja sy izahay fianakaviana, ka nasiana sérum haingana izy tao amin'ny fonja ary dia natao évacuation satria tsy vitan'ny teo anivon'ny fonja intsony tamin'ity indray mitoraka ity, fa efa tena grave loatra.

4 ny interventions chirurgicales natao tamin'i Rolly Mercia. Oui efatra be izao! Olona efa 68 taona. Nandalo fandidiana 4! Nanao complications post-operatoires moa izy, izay nilana traitement mafy dia mafy nandritra ny 3 semaines tao aorinan'ny fandidiana. Tsy idirako ny fasahiranana sy ny fiasana saina rehetra. Fa mora ny mitantara no maina azy. Isaoranay be dia be ny profesora sy ny dokotera ary ny mpiasan'ny fahasalamana rehetra nandray an-tanana azy. Mbola tokony hitohy moa ny fitsaboana sy ny fanaraha-maso azy, saingy tsy maintsy naverina any am-ponja izy.

Ny tiako ahatongavana dia izao, 68 taona ilay olona. Avy nandalo fandidina 4. Mbola misy soratra any anaty carnet keliny any hoe: convalescence sy ny hoe: " à revoir pour contrôles ". Amin'io audience amin'ny 7 février io, raha azo atao tompoko, dia mba aza avela mipetraka eo amin'ilay banc de la salle d'audience io izy manomboka amin'ny 9h maraina ka hatramin'ny 16 h ohatran'ireny niainanay taloha ireny. Fa na izahay tanora sy salama aza dia torovana tanteraka mipetraka eo mandrapahariva ny andro, koa mainka fa olona efa antitra dia antitra ary avy nodidiana.

Manana ray niteraka avy isika. Ary manan-janaka daholo, dia manana an'izany atao hoe dadabe. Dia aza adino fa ohatr' izay ihany koa Rolly Mercia. Ray niteraka ary dadabe manan-jafikely. Atsipy ny tady hono. Nofi Malala, zanaka vavin'i Rolly Mercia."



*Rolly Mercia sy ny fianakaviany teny amin'ny fitsarana.*

***Stefa***

Ra-Havana (Ao an-dakozia)

# Manandratra ny Soatoavina sy kolontsaina Betsileo

Rasolohavanimanana Elody Jean Neré. Io no anarana fenon'ilay mpanakanto « Ra-havana », fantatra tamin'ilay vazo « Ao an-dakozia ». Ny taona 2006 Ra-havana no efa nilona tao anatin'ny hira sy ny mozika. Ny fitendrena ny apongа maroanaka no nampisongadina azy tao anatin'ny tarika « Majeur 7 ». Mahafehy karazan-javamaneno tahaka ny gitara, vatamaroafitsoka, sns… ihany koa izy. Manana tombondahiny ny tovolahy amin' ny fahaizana mampiaraka ny fihirana sy ny fitendrena zavamaneno ary ny talentany amin'ny famoronana hira.

« Fianakaviana mpanakanto », io no azo isokajiana ny loharano nipoiran-dRa-Havana. Ireo rahalahiny izay samy mikirakira ny mozika sy ny hira avokoa.

Ny hanandratra ny soatoavina Betsileo tahaka ny fomba fiteny sy ny fitafy mampiavaka ny faritra niaviako (Fianarantsoa) no anisan'ny nanosika ahy hiroso lalina hatrany amin'ny fiangaliana ny mozika, hoy Ra-Havana. Tsy mijanona hatreo anefa ny sehatrasa fa mikaroka hatrany ny hitondra vokakanto vaovao ny tovolahy. Ampahany amin'ireny ny fanajariana vazo miainga avy amin'ny fampivadiana gadona miisa roa. Singanina amin'ireny ny fampiarahana ny tsapiky sy ny décalé heno anatin'ilay sanganasany « Ao an-dakozia ». Ny fampiarahana ny mahasoa sy ny mahafinaritra hatrany, araka izany, no fenitra ho andRa-Havana anatin'ny filalaovana ny mozika izay efa hita sy tsapa fa miroso miandalana hatrany hiazo ny sehatra maha matihanina miaraka amin'ny Tranom-pamokarana « Beromilanja Pro », izay tsy mikely soroka manampy ny tovolahy. Ho avy tsy ho ela ny fitetezam-paritra ahafahana manjifa ireo kanto an-kira voajarin-dRa- Havana.



*Ra-Havana, manandratra ny Soatoavina Betsileo hatrany.*


***Lalasoa Razafindrakoto***

Chan 2022 –Algérie 2023

# Sambany nahazo medaly alimo ny Malagasy

Voahosotra ho laharana faha-3, ka nahazo ny lelavola sahaza an'izany sy ny medaly alimo ny Barea de Madagascar, tamin'ny fifaninanana baolina kitra « Chan 2022 –Algérie 2023 ». Sambany teo amin'ny tantarany no nahazo an'io laharana io ny baolina kitra Malagasy, teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Lavon'ny Barea Chan tamin'ny isa tokana 1-0 ny Mena Nizeriana tamin'ny lalao fiadian-toerana fahatelo, na ny "petite finale", natao tao amin'ny kianja "stade Miloud Hadefi (Oran)", tamin'ny zoma 03 febroary 2023 lasa teo. Baolina matin'i Jean Yves teo amin'ny minitra faha-89, no niantoka an'io fandresen'ny Barea io. I Dax indray no "l'homme du match" tamin'io "petite finale" io. Faly sy ravo ary niredona indray ny anjomara sy kiririoka ary tako-bilany samihafa tamin'ny fiafaran'io lalao io. Azo antoka, fa hanome toerana tsara ny baolina kitra Malagasy iny fandresena azon'ny Barea Chan tamin'ny ankatoky ny famaranana Chan 2022 iny, ka hiakaran'ny laharan'i Madagasikara eo amin'ny filaharana havoakan'ny FIFA amin'ity volana febroary ity. Notsenain'ny vahoaka Malagasy tamin'ny fomba nakotrokotroka hatreny amin'ny seram-piraramandina teny Ivato, ka hatreny Mahamasina ireo mpilalaon'ny Barea Chan, tamin'ny fiverenan-dry zareo an-tanindrazana tamin'ny alahady 5 febroary 2023 teo.

***Rainilita***



*I Dax, indroa "homme du match" tany Algérie.*

Mozika Malagasy

# Miala any i Lar'son, zanak' Antalaha



Laroson Miarantsoa Jean Christian, mpanakanto vao erotrerony, zanak'Antalaha. Nofinidiny ny nisalotra ny solon'anarana hoe : « Lar'son », ao anatin'ny habaky ny kanto an-kira malagasy. Azo ambara ho taranaka mpanakanto ny tovolahy noho ny Rainy izay anisan'ireo niangaly sy nisehatra ny vakodrazana . Tsy mifidy gadonkira lalaovina (mihetsika sy milamina) toy ny « slow », « afro beat », « salegy », « reggae », « sega », sns… ny tovolahy ary anisan'ireo miavaka amin'ny fananana feo afaka manakatra ny avo indrindra ary afaka midina any amin'ny farany ambany ihany koa. I Lar'son ihany no miketrika ireo tononkirany izay nojariana avy amin'ny trangam-piarahamonina manodidina azy. Noezahako hatrany hirakitra hafatra miendrika fanabeazana ireo sanganasako, hoy ity mpanakanto mahavita mamorona hira roa anatin'ny andro iray ity. Tombondahiny ho an'i Lar'son ny fananana ireo foto-drafitrasa raitra sy manaraka ny fenitra takian'ny fikirakirana ny mozika. Singanina amin'ireny ny trano fandraisam-peo sy ny fanamafisam-peo matanjaka.

Maro ireo fitetezam-paritra efa vitan'ny tarika izay hivondronan'ireo mpikambana miisa manodidina ny 12. Tsongaina amin'ireny ny tany amin'ny faritra atsinanana (Fenerive Est, Vavatenina, sns…) ny volana novambra hatamin'ny fiandohan'ny volana janoary dila teo, izay samy nahitam-pahombiazana avokoa. Hitohy amin'ity taona ity any amin'ny faritra Sofia, Sava ny fitetezam-paritra. Mialoha izany, vao namoaka ny rindran-tsarin'ilay hira vaovao « Hazavagna », novokarina amin'izao « fetin'ny mpifankatia » izao i Lar'son. Ny gadona « afro beat » sy ny « zouk love » no natambatra ary nahafahana nanajary azy ity, hoy i Lar'son. Raha fintinina, mpanakanto hanana ny hoaviny mamiratra i Lar'son.

***Lalasoa Razafindrakoto***